# Fifehezana fotopampianarana: Fitsapam-pahaizana 2—Tari-dalana ho an'ny fandalinana

TESTAMENTA VAOVAO: BOKY TOROLALANA HO AN'NY SEMINERA

## Ianaro tsianjery ny toko sy andinin-tsoratra masina ary ny andian-teny manan-danja ao amin'ny soratra masina

Fehezo tsara ireo andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana sy ireo andian-teny manan-danja ao amin'ny soratra masina. Azonao atao ny maka sy mampiasa ny application fifehezana fotopampianarana mba hanampiana anao amin'ny famerenana.

| | |
|---|---|
| 1 Korintiana 6:19–20 | "Tempolin'ny Fanahy Masina ny vatanao." |
| 1 Korintiana 11:11 | "Kanefa ao amin'ny Tompo tsy misy vehivavy raha tsy misy lehilahy, ary tsy misy lehilahy raha tsy misy vehivavy." |
| 1 Korintiana 15:20–22 | "Fa tahaka ny ahafatesan'ny olona rehetra ao amin'i Adama no ahaveloman'ny olona rehetra kosa ao amin'i Kristy." |
| 1 Korintiana 15:40–42 | Amin'ny Fitsanganana amin'ny maty dia misy ambaratongam-boninahitra telo. |
| Efesiana 1:10 | "Hahatanterahany ny fitondrana hatao mandra-pahatapitry ny andro voatendry, hanangonany ny zavatra rehetra ho iray ao amin'i Kristy." |
| Efesiana 2:19–20 | Ny Fiangonana dia "natsangana teo ambonin'ny fanorenan'ny Apostoly sy ny mpaminany, ary [Jesoa Kristy] no fehizoro indrindra." |
| 2 Tesaloniana 2:1–3 | "Tsy ho avy ny [andron'i Kristy] … raha tsy efa tonga aloha ny fihemorana." |
| 2 Timoty 3:15–17 | "Ny soratra masina … izay mampahendry anareo ho amin'ny famonjena." |
| Hebreo 12:9 | Ny Ray any An-danitra dia "Rain'ny fanahy." |
| Jakoba 1:5–6 | "Ary raha misy hianareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin' Andriamanitra." |
| Jakoba 2:17–18 | "Ny finoana, raha tsy misy asa, dia maty mihitsy." |
| 1 Petera 4:6 | "Fa noho izao no nitoriana ny filazantsara tamin'izay maty aza." |
| Apokalypsy 20:12 | "Ary ny maty dia notsaraina araka izay zavatra voasoratra teo anatin'ny boky, araka ny asany." |

## Ampiharo amin'ny toe-javatra tena misy eo amin'ny fiainana ny fotopampianarana

- Mampiasà anankiray na maromaro amin'ireo andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana mba hanampiana olona izay maniry ny hahazo fitarihana eo amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra manan-danja eo amin'ny fiainany.
- Raha mampianatra olona anankiray momba ny zavatra izay mitranga ao amin'ny drafitr' Andriamanitra ho an'ny zanany aorian'ny fahafatesana ianao, dia ho inona avy ireo andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana ao amin'ny Testamenta Vaovao azonao ampiasaina? Ahoana ny fomba ahafahanao mampiasa ireo andinin-tsoratra masina ireo mba hanehoana ny fitiavan' Andriamanitra antsika?

Miomàna hizara izay andinin-tsoratra masina fifehezana fotopampianarana tena nisy fiantraikany teo aminao. Inona no ampianarin'izany andinin-tsoratra masina izany anao momba ny Ray any An-danitra sy an'i Jesoa Kristy?

## Fitsipiky ny fahazoana fahalalana ara-panahy

Avereno jerena ny andiam-pehezan-teny 5–12 ao amin'ny fizarana "Mahazo fahalalana ara-panahy" *Tahirin-kevitra fototra ho an'ny fifehezana fotopampianarana* (2022).

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2023 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. Dikanteny: 2/21. Fandikana ny *New Testament Doctrinal Mastery: Assessment 2—Study Guide.* Malagasy. PD60012661 654. Natonta tany Etazonia Amerika.